ALAHADY FAHA 22 MANDAVANTAONA - A



NY FAHASAMBARANA NO TAMBIN'NY FIJALIANA

Ry Kristianina havana tamin'ny Alahady lasa faha-21 mandavantaona isika dia niaraka tamin'i Piera nanambara ny finoantsika, ny fifikirantsika amin'i Jesoa ao anatin'izao adim-piainana sarotra aterak'izao KORONTANAVIRUS izao. Tsy tany malemy anorenam-pangady anefa hoy isika ny finoana fa tany lonaka iasan'ny fahasoavan'Andriamanitra. Porofon'izany sady modely no mpivavaka ho antsika I Victoire Rasoamanarivo izay nankalazaintsika ny fetiny. Mino isika fa Izy sy ireo Olomasina sy Olontsambatra Malagasy razambentsika hivavaka ho antsika ka ho resy ity fahavalo tsy hita maso KORONTANAVIRUS ity. Ho tanteraka tokoa amin'izay ny ventin-kevitra amin'izao Alahady faha-22 izao hoe : NY FAHASAMBARANA NO TAMBIN'NY FIJALIANA izany hoe ho tanteraka ny nofintsika dia ny LALAN'NY HAFALIANA eny amin'ny la Montagne des français!!! Dia zary EOV MISIONERA ISIKA VITA BATEMY IRAHINA HO TABERNAKLA VELONA tahaka an'i Masina Maria, tahaka an'i Victoire Rasaoamanarivo Olts.

Vakiteny I : Jer. 20, 7-9
Tononkira : Salamo 62
Vakiteny II : Rôm. 12, 1-2
Evanjely : Mt.16, 21-27

Tsy mandeha ho azy ny fijoroana ho EOV MISIONERA manambara ny finoana ny maha Kristy mpiara-belona satria raha nitondra ny famonjena i Kristy dia tsy arak'izao endrik'izao tontolo izao ny famonjena entiny eo anivontsika, tsy araky ny lojikan'izao tontolo izao. Fakam-panahy nanjo an'I Piera izany ary manjo antsika koa matetika fa indrindra raha mahomby kely eo amin'ny fiainana isika na raha manana toe-tsainan'ny sefo. Tsy izany lojikan'ny famonjena nentin'i Kristy. Izao Covid 19

izao dia mampibaribary fa tena marefo ny lojikan’izao tontolo. Mila mibebaka. Mila fiovam-penitra izao tontolo izao raha te-handray fampianarana. Raha te-hahazo ny famonjena dia mila midina isika fa tsy miakatra. Mba hahatonga antsika handray ny famonjena koa ka hahatonga ny hafa hahay handray ny famonjena dia nidina farany ambany i Jesoa araky ny voalazan'i Md Paoly ao amin'ny taratasiny ho an'ny Filipianina (Fil 2), manana ny toetra maha-Andriamanitra azy izy, nataony tsinontsinona izany fa nietry ho farany ambany izy. Koa noho izany ny fahefana eo amin'ny eglizy dia tsy fahefana ambony fa fahefana fanompoana, “service” lavitry ny fahefana mamoritra. Fahefana to-teny satria mifototra amin’ny marina ary indrindra tsy kobaka am-bava. Fahefana entina manompo ka tsy mahagaga raha manahirana an’ireo izay manana ny toetsain’izao tontolo izao ho filamatra. Ny foto-kevitra aroson’ny Eglizy ho dinihitsika amin’izao alahady faha-22 izao anefa dia mifanaraka amin’zay zavamisy iainantsika. Tsy kisendrasensra izany ka aoka hohalalinintsika tsara : hasambarana sy fiadanana no ampianaran'i Kristy ho tambin’ny fiombonana Aminy na dia mandalo fijaliana aza, tsy hoe kobaka am-bava no nataony raha nanambara izany fa ny fiainany mihintsy no maneho an'izany làlana mankany amin'ny hasambarana izany.

Ry Kristianina havana, aza gaga isika fa mety misy sedra, misy fijaliana. Tsy izay anefa ny tanjona, tsy izany no tadiavina fa ny làlam-pamonjena mitondra amin'ny hasambarana, azo fintinina amin’ny lohahevitra amin'izao Alahady faha-22 mandavantaona izao -izay voalazantsika teo aloha manao hoe "fahasambarana ny tambin'ny fijaliana".

Tsapantsika izany ao amin'ny vakiteny voalohany. I Jeremia Mpaminany feno hakiviana voa sedra mafy tamin’ny ezaka nataony tamin’ny fitoriana. Isika koa torak’izany fa indrindra miatrika izao areti-mandoza izao . Nahatsapa ny fahasarotan'ny fitoriana i Jeremia satria tsy inona tokoa ny anjaran’ny Mpaminany, hoy isika, fa ny manambara ny sitrak’Andriamanitra. Isika EOV MISIONERA DIA IRAHINA HITORY NY SITRAK’ANDRIAMANITRA TSY AMIN’NY TENY FOTSINY FA AMIN’NY FIAINANA MANONTOLO KA ZARY TABERNAKLA HOY ISIKA. Henontsika anefa ny nanjo an’i Jeremia : *" Notarihinao aho, ry Tompo, ka voatarika" Jer20, 7* Fitarainana lavabe no ataon'i Jeremia mpaminany eto ka mety ho fitarainantsika koa raha mijoro ho vavolombelona isika manambara ny sitrak'Andriamanitra, raha Kristy mpiara-belona amin'olona tokoa isika dia aza gaga fa mety misy zavatra niainan'i Jeremia mety miseho amin’ny fianantsika ihany koa ka mahatonga antsika mitaraina amin'ny Tompo hoe: *"Nosamborinao aho, ka nahery Ianao. Zavatra fihomehezana aho isan’andro; maneso ahy avokoa ny olona rehetra" . Fa isaky ny miteny aho, dia manao antso avo, manambara loza sy fandringanana, ka ny tenin’ny Tompo tonga fandatsana sy fihomehezana ahy isan’andro. Hoy aho: “Tsy hilaza ny aminy intsony aho, tsy hiteny amin’ny Anarany intsony aho!...” dia nisy toy ny afo nirehitra ato am-poko, voahidy ao anatin’ny taolako; nanao izay hihazonana azy aho, nefa tsy nahatana azy".Jer 20 (8-9)*

Misy fotoana tena mangidy dia mangidy eo amin’ny fijoroana ny maha-Kristianina katolika. Aoka tsy ho menatra ny finoana tahaka ny nataon'i Jeremia isika fa raha ao amintsika tokoa ilay afom-pitiavana tahaka an'i Jesoa dia mahafoy koa isika. Mirehidrehitra mandrakariva ny fo. Izany no azo amintinana ny "dialogue" ambaran'i Jesoa amin'ny Evanjely. Tsy nihambahamba i Jesoa nanambara tamin'ireo mpianatra na dia somary nanafintohina an'i Piera aza. Nolazainy mazava, araky ny voalazantsika matetika, fa ny finoana dia tsy tany malemy anorenam-pangady fa tany lonaka hanovozana fahasoavana.

Jesoa milaza fa raha misy te-hanarakaAzy dia aoka izy handà ny tenany, midika izany fa mila mahafoy izay tena sarobidy, mahafoy ny aina ary izany no tena faran-tampony satria mamy ny aina. Midika koa fa tsy maintsy misy safidy mazava tsara atao raha te-hanaraka an'i Jesoa satria izany no hahafahantsika miroso amin'ny lalindalina kokoa.

Taitra i Piera raha naheno ny tenin'i Jesoa fa tsy maintsy manolo-tena izy ary amin'ny alalan'ny hazo fijaliana izay mitondra amin'ny fitsanganan-ko velona sy hasambarana. Izany koa no tsy maintsy hiainan'izay te-hanaradia an'i Jesoa ka ho Kristy mpiara-belona amin'olona. Izy ilay nanambara ny finoany ka nilaza fa i Jesoa no Kristy zanak'Andriamanitra velona no nilaza koa hoe : "sanatria Tompo raha hihatra aminao izany", satria tsy masom-pinoana no nijereny an'izany rehetra izany, eo ny maha-olona an'i Piera satria mety nirehareha na poerapoera izy nilaza fa izaho no tena izy, sahy nijoro izy namaly ny an'i Jesoa. Nampanginin'i Jesoa izy amin'izany fomba fijerin'izao tontolo izao izany ka nolazany hoe " *Mialà amiko, ry Satana! Manafintohina Ahy ity ianao, satria tsy mihevitra araka ny hevitr'Andriamanitra, fa araka ny an'ny olona"*

Tsy ny fijerin'izao tontolo izao ny làlam-pamonjena fa ny lalan'ny fahafoizana ka arakaraky ny ahafoizanao no handraisanao ny fahasoavana bebe kokoa ao amin'Andriamanitra, tsy hoe mamono tena sanatria fa manolo-tena ho an'Andriamanitra, manao ny asan'Andriamanitra izany hoe tsy ny asa arak'izao tontolo izao no kendrena fa araky ny sitrak'Andriamanitra. Io no ambaran'i Jeremia mpaminany.

Raha manao ny asan'Andriamanitra araky ny sitrak'Andriamanitra isika dia Izy no hanao ny asantsika, izany ny dikany hoe : *"Raha misy te hanaraka Ahy, aoka izy handà ny tenany sy hitondra ny hazofijaliany, ka hanaraka Ahy."* Izany hoe ny fiainan'i Jesoa no tsy maintsy ho fiainantsika, ny làlam-piainan'i Jesoa no tsy maintsy ho làlantsika ka hahatonga antsika ho Kristy eo amin'ireo manodidina antsika.

Araky ny voalazan'i Jesoa io *"Inona no soa azon'ny olona raha mahazo izao tontolo izao izy, nefa very ny fanahiny ?"*

Raha te-hahazo ny fiadanana sy hasambarana isika dia tsy maintsy mahafoy, izany no atao hoe Eglizy manompo, aoka mba hiala amin'ny Eglizy mandray fotsiny isika fa ho tonga koa amin'ny Eglizy mahafoy sady Eglizy mandray an-tànana isika, mandray ny fahasoavan'Andriamanitra, ny finoana, ny sakramenta, aoka ho Eglizy mahafoy ny aintsika, mahafoy ny harenantsika, mahafoy ny taletantsika, ary izay no dikan'ny hoe fanompoana : Eglizy manompo.

Ry Kristiana havana malala tonga amin'ny kihon-dalana amin'ny fandalinam-pinoana isika amin'izao alahady faha-22 izao. Fotoana hanaovana safidy ka hiroso lalalindalina kokoa amin'ny famenoana ireo SADJOA SAOTA/ ENINA : MIVAVAKA,MANDALIM-PINOANA, MANOMPO, MANDRAY AN-TANANA, MIVORY MISERESASERA, MANKALAZA. Raha tsy nisy an'izao KORONTANAVIRUS izao tokoa dia miditra amin'ny SADJOA FAHA-Saota isika dia ny FANKALAZANA MANETRIKETRIKA NY FAHA -100 TAONA SY KONGRESY EOKARISTIKA. Io no sedra voalazan'I Jeremia. Io koa ny tsy fahampian'ny finoantsika ambaran'i Piera. MATOKISA ANEFA ISIKA FA NY FAHASAMBARANA NO TAMBIN'NY FIJALIANA ary i Masina Maria Mpanjakavavin'ny lanitra tsy maintsy mandresy, i Victoire Rasoamanarivo Olts sy Ireo Olomasina malagasy ary Olts malagasy mivavaka ho antsika.

Ry Jesoa Tompo ô, ianao dia nanaiky hahafoy ny maha zanak'Andriamanitra Anao ary indrindra nanaiky ho faty hamonjena anay. Enga anie mba ho vonona hahafoy hanara-dia Anao izahay ka ho vonona hitondra ny hazo fijaliana eo amin'ny làlam-pamonjena anay izay hitondra anay amin'ny tena hasambarana marina. Ianao tokoa no lohalaharana eo amin'ny fiainanay, Ianao no priorité, amin'ny alalanao sy miaraka Aminao no iainanay ny fiainanay manontolo, aoka Ianao no loha laharana amin'ny ataonay rehetra ka raha manatanteraka ny sitrak' Andriamanitra izahay. Raha manao ny asan'Andriamanitra dia Andriamanitra tokoa no hanao ny asanay ka na dia mety misy mangidy sy fijaliana aza dia hitondra anay amin'izay tena hasambarana sy fiadanana izany. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson